Kandida Fehizoro TIM.K25 Boriborintany VI

## Mitsinjo manokana ireo marefo ara-pivelomanana 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 20 avrily 2019 | Laharana 901 | Vidiny : 400 Ar


**Eksodosy 4: 16** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 129), Madagasikara 18 aprily 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Rodoben'ny Mpanangana** 2

# Hanangana Madagasikara vanona ny TIM



**3 volana nitondran-dRajoelina** 3

# Mihisatra ny raharaham-panjakana



**ANTANANARIVO RENIVOHITRA** 3

## Mitohy foana ny fanadiovana na fety na tsy fety ny andro



**25 ireo olona narary** 6

## Vokatry ny fihinana sakafo tamin'ny mpanao lasopy

**RN4 GOLF Andakana – PK 24** 7

## «Casse-vitesse» toa natao hamotehana fiara

**Antoko DHD Madagasikara** 3

## Tokony hangarahara ny momba ny fanarenana ny Rova

**Daka kely**

Ho avy amin'izay ny kanota ry Boaikely fa tapitra ny 100 andro a !

**Zoma Center Analakely** ‘

## Nahitana fanitarana antsoina hoe "Smart Square"



RODOBEN'NY MPANANGANA

## Hanangana Madagasikara vanona ny kandidà TIM.K25

Rodoben'ny Mpanangana, io indray no teny filamatry ny mpiara-dia amin'ny Filoha Marc Ravalomanana amin'izao fifidianana depiote ho avy izao. Rodobe hanangana Madagasikara vanona no tanjona amin' izany. Iaraha-mahalala fa nitontongana sy nihen-danja ny lafin-javatra maro teto amin'ny firenena nanomboka tamin'ny taona 2009, ka hatramin'izao. Raha tsy hilaza hafa-tsy ohatra vitsivitsy : eo ny fitontongana eo amin'ny lafiny kolontsaina : miha-very ny fihavanana Malagasy, toa tsy mifanaja intsony ny samy Malagasy, tsy misy hasiny intsony ny ain'olombelona, izay tena sarobidy tamin'ny Malagasy. Miha-very ny kolontsaina Malagasy fa miha-mahazo laka sy omena laka ny an'ny vahiny. Midina ny lafiny ara-panabeazana satria mihena ny tahan'ny ankizy miditra an-tsekoly tao aorian'ny nanonganana ny Filoha Marc Ravalomanana. Ho an'i Dada, ny Malagasy sy ny maha-Malagasy aloha. Ny fihavanana, ny kolontsaina, ny fanabeazana, ireo dia anisan'ny fototra ho amin'ny fananganana Madagasikara Vanona izay, izay tsy ambanin-javatra aminy hatramin'izay ka hatramin'izao.

Ankoatra izany, miseho lany ny tsy fandriampahalemana etsy sy eroa ankehitriny, tsy ambanivohitra, tsy an-drenivohitra, fa saika isan'andro, misy hatrany ny halatra miaro vonoan'olona. Azo lazaina ho nilamin-tsaina anefa ny rehetra nandritra ny fitondrany, ny tantsaha afaka namokatra satria nilamina ny faritra ambanivohitra, tsy latsadanja tamin'izany koa ny tamin'ny faritry ny tanàndehibe sy ny renivohitra. Ny anton'izany, nisy ny asa, na ny tany ambany ravin-kazo tany, na tamin'ny faritra hafa. Ny tantsaha afaka namokatra satria nampiana tamin'ny masomboly sy ny zezika. Be ny asa nifotrona tamin'izany satria namoraina ny fampiasam-bola teto amintsika, mpiasan'ny orinasa afaka haba fara-fahakeliny ny tanora Malagasy nandritra izany. Noho ny fanapotehana tamin'ny taona 2009 anefa, be ireo very asa. Ilana ny Rodoben'ny Mpanangana avokoa izany, ahitana ireo rehetra mpiaradia amin'ny filoha Marc Ravalomanana, ahitana ny avy amin'ny antoko politika, ny fiarahamonim-pirenena, ny fikambanana samy hafa, hatramin'ny olon-tsotra koa,…

Eo amin'ny lafiny politika, antoko manana ny maha-izy hatramin'izao ny antoko najoron'i Dada, Tiako i Madagasikara (TIM), na noezahana nopotehina sy nozarazaraina aza hatramin'ny taona 2009 no mankaty, ary mbola mitohy hatrany ny fisokafany amin'ny ankolafinkery samihafa. Hita izany tamin'ny fijoroan'ny KMMR, niha-lehibe ho K25, TIM.K25 amin'izao fifidianana depiote izao, izay mbola miitatra ho Rodoben'ny Mpanangana indray araka ny voalaza teo. Ny fisian'ny olom-baovao maro amin'ny kandidà depioten'ny TIM.K25 amin' izao fotoana dia midika fa antoko matanjaka ity antoko ity, efa manomana ireo solofo mpandimby ihany koa na ny relève. Raha somary alalinina dia tsy misy ny kiantranoantrano, fa rehefa tokony hosoloina olom-baovao no harotsaka dia natao izany. Efa hita koa izany nandritra ny 8 taona nitondrany, nesorina izay tsy nahavita ny asa, asa ihany ny azy fa tsy kabary, rehefa ho vitaina dia tsy maintsy natao izay nanatanterahana izany.

***Isambilo***

Filoha Ravalomanana any Boeny

## Tsy azo ekena ny fahantrana mahazo ny vahoaka Malagasy

Any amin'ny faritr'i Boeny iny indray ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana no mametraka amin'ny fomba ofisialy ireo kandidan'ny TIM.K25 any antoerana. Notsidihan'i Dada avokoa i Mahatsinjo, Tsiafabositra, Antananarivo kely, Marotaolana, Andriba, Beanana, Antanimbary, Maevatanana, 5/5, Berivotra, Ambalajanakomby, Andranomamy, Ambondromamy, Tsaramandroso, Sampanana Anjiajia, Andranofasika, Amboromalandy, Ambovondramanesy raha nizotra nankany Mahajanga ny tenany . Tsapan'ny filoha Marc Ravalomanana tamin' izany fa mangetaheta fiovana ny vahoaka , koa hanao Rodoben'ny Mpanangana isika hoy izy fa tsy mpandrava, ho fanavotana ny firenena. Tsapako ny fahoriana mahazo anareo vahoaka ka izay no hijoroako ankehitriny. Isika tsy maintsy mitraka, tsy maintsy mijoro, ho an'ny firenena. Rehefa izany dia nihaona tamin'ny vahokan'i Belobaka ihany koa ny filoha Marc Ravalomanana. Faly ny foko hoy izy mihaona aminareo vahoaka eto amin'ny



kaomina Belobaka. Vao niditra teto amin'ny tanàna aho dia lalana ratsy, ankizy tsy mianatra no tsikaritro voalohany. Tsy azo ekena ny fahantrana mahazo ny vahoaka amin'izao, indrindra fa ireo zanatsika tsy miditra an-tsekoly. Anjara andraikitry ny solombavabahoaka ny misolo-tena antsika vahoaka eny amin'ny Antenimieram-pirenena, hiady izay ho tombontsoa antsika. Izay no mahatonga ahy eto hanolotra ny kandida Tim eto amin'ity faritra ity. Ireo depiote antsika ireo no hiara-hiasa sy hifanohana eny Tsimbazaza, hanolotra tolo-dalàna izay hivadika ho soa iombonana ho antsika avy eo.

***Helisoa***

Kandida Fehizoro TIM.K25 Boriborintany VI

## Mitsinjo manokana ireo marefo ara-pivelomanana

Tanteraka tao amin'ny boriborintany faha-6 ao Anosivavaka Ambohimanarina ilay fitenenana hoe «ny tanàna madio, ny mponina marefo ara-pivelomanana afa-pahasahiranana». Izany no tontosa dia noho ny fiaraha-mientan'ny kandida solombavambahoaka TIM.K25 ao amin'ny boriborintany faha 6 Fehizoro Andriamananjezika tamin' ireo vahoaka sahirana miisa 150, niaraka nanao fanadiovana faobe taminy tao an-toerana. Rehefa vita ny asa fanadiovana dia notolorana vary sy biscuit mba ho vatsy ho azy ireo



noho ny fahatongavan'ny fetin'ny Paska sy ho fanalàna fahasahiranana azy ireo tamin' izany. Fa fanambin'ny kandidan'ny TIM ao amin'ity boriborintany faha 6 ity ny fitsinjovana ireo marefo ara-pivelomanana, mijery lavitra izy ireo amin'izany fa tsy ny hoe ny anio dia ny anio ihany : 'aleo ny fintana no omena ny sahirana hoy Fehizoro fa tsy trondro fotsiny ihany. Koa tao anatin'izany no nanolorany ganagana ho an'ireo mpiompy, hanampiana azy amin'ny asa fivelomany. Tsy diso anjara tamin'izany ihany koa ireo sembana ara-batana jamba efa nampanantenainy fa ampiana amin'ny asa fivelomany. Faly ireo mponina nandray anjara tamin'ny asa fanadiovana sy ireo mpiompy sy sembana nahazo ganagana hompiany satria tena mitsinjo azy ireo ny kandidan'ny TIM.K25 Fehizoro Andriamananjezika.

***Helisoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy amin'ny ampahany rehefa manarina ny sandam-bidin'ny soatoavina

Avoaka amin'ny haino aman-jery sy an-tsoratra sy voizina ny fihetsika ataon'ny fitondrana amin'ny hoe fanarenana ny Rovan'i Manjakamiadana. Tamin'ny fanombohana ny asa dia natao avokoa ity fomba rehetra fahiny ity rehefa amin'ny fotoana toy ireny. Izany hoe niverina amin'ny fototra maha izy ny Malagasy izany fihetsika izany. Tamin'ny vanim-potoanan'ny Mpanjaka iza anefa io soatoavina niverenana io, satria maromaro ireo mpanjaka nifandimby teto hatramin'ny nanapotehan'ny Frantsay mpanjakatany ny fahaleovantenan'ny Fanjakana Malagasy ny taona 1895-1896. Nisy ny fanaingana amin'ny fananganana indray an'i Besakana, izay Lapan'Andrianampoinimerina io. Rehefa miresaka an'io mpanjaka io anefa dia tsy zoviana amin'ny Malagasy, eny hianaran'ny kilonga madinika any am-pianarana aza, ny amin'ny fahendreny nitondra fanjakana. Nasongadiny nandritra ny taona nitondrany fa Andriamanitra no tompon'ny fahefana eo am-pelatanany io ary ho tsininy Aminy raha toa ka ho mena-mitaha amin'ny firenen-kafa ny fireneny, ary ny vahoaka tena notsinjoviny fatratra ary niadana ; tsy nila ranondranony na nanaiky hofehezin'ny vahiny izy sy ny fanjakana. Raha momba ny Rovan'i Manjakamiadana indray dia tamin'ny andron-dRanavalona I no nanorenana azy. Ilay Mpanjakavavy nahay niaro ny fireneny tamin'ny tetika maizina mpanjakazaka an-tanin'olona eoropeana, ny Anglisy sy ny Frantsay indrindra indrindra. Tsy nisy vahiny nahazo tany izany teto Madagasikara tamin'ny andron'izy ireo. Vitan'izy ireo ny niaro ny fiandrianam-pirenena malagasy…

Tsiahy fohy ny tantara izay, mba hahafahana mibanjina ny ankehitriny ka hirosoana amin'ny ho avy. Inona no tanjon'ny fitondrana Rajoelina raha nametraka ho laharam-pahamehana ny fanarenana an'io Rova io? Manao izay hanarenana fotsiny ve ka hisehoana ho nahavita, toy ny tranga Lapan'ny Tanàna? Sasanangy tsy mitovy. Ny toe-tsain'ny Mpanjaka fahiny ireo tamin'ny fananganana ny lapany no tokony hananan'izay manarina azy. Tsy hoe akory hanao ny fomba fitondrana faha-mpanjaka, efa nilaozana izany fa repoblikana isika taorian'ny niverenan'ny fahaleovantena, fa ilay hasarotampiaro amin'ny maha-Malagasy mihitsy ary saropiaro amin'ny taniny no tokony hananan'ny mpitondra ankehitriny. Tsy hita taratra loatra izany hatreto tao anatin'izay telovolana nitondrana izay. Tsy afaka hanamarin-tena ny amin'izany ny fitondrana. Raha tena sarotiny amin'ity firenena ity tokoa sy amin'ny vahoaka Malagasy ary ny fiandrianam-pirenena, tokony efa ho re ihany, indrindra amin'ny minisitra tomponandraikitra, ny amin'ny tohin'ny fanadihadiana natao tamin'ny satroboninahitry ny Mpanjaka izay nisy nangalatra teny Andafiavaratra. Aiza izao ny niafaran'iny harena sarobidin'ny firenena Malagasy iny, sa avelavela ho any? Mariky ny fiandrianam-pirenena anefa ireny ary itarafana ihany koa ny fomba fiasa sy toe-tsain'ny mpitondra amin'ny hitantanany ity firenena ity.

***Radafy***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Mirana R

Ny Valosoa sy hadihady

# 3 volana nitondran-dRajoelina : mihisatra ny raharaham-panjakana

Telo volana izao no nandray ny fahefana amin'ny maha filohan'ny Repoblika an-dRajoelina Andry Nirina, telo volana nisehoan'ny safotofoto sy fitsofana ireo tomponandraikitra isan'ambaratonga eo anivon'ny fitantanana ny asam-panjakana Asa aloha raha voarakitra ao amin'ilay programan'asa IEM novolavolaina nandritra izany na tsia izao. Raha ny tranga any anivon'ireo departemanta isan-tokony any aloha dia taorian'ny fananganana ny governemanta vao nitsiry ny hevitra noho ny fanangasangan'ny fifidianana solombavambahoaka izay azo lazaina fa antoky ny fahamarinam-pototry ny fitondrana izany. Raha tsy manana ny maro an'isa ao amin'ny parlemanta tokoa mantsy izao fitondrana izao dia hisedra olana goavana, indrindra ara- politika. Iaraha-mahatadidy ny disadisa teo amin'ny parlemanta sy ny filohan'ny Repoblika III, notarihan'ny Profesora Zafy Albert ny taona 1996. Efa in-droa ny filoha teo aloha Rajaonarimampianina Hery no efa tokony niongana satria tsy nanana depiote na iray aza saingy, navotan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC) hatrany. Nalaza koa ny resaka « malette » rehefa nisy lalàna nofidiana mety nanohintohina ny fitondrana. Rafitra iray tena iankinan'ny fiainam-pirenena ny parlemanta satria izy no manaramaso ny asan'ny rafitra mpanatanteraka raha mifanaraka amin'ny pragraman'asan'ny fanjakana (PGE) izany na tsia. Talohan'ny nifaranan'ny fepotoam-piasany dia efa nanolotra ny fahefana maha mpanao lalàna azy ho an'ny filohan'ny Repoblika ny parlemantera. Araka izany dia didy hitsivolana raisin'ny filohan'ny Repoblika no itantanana ny Firenena. Raha fehezina dia sady mpandidy izany ity farany no mpihinana satria sady mpanaramaso ny asan'ny mpanatanteraka, izay izy no filohany, no mpanao lalàna ihany koa izy. Raha eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana no dinihana dia efa betsaka ny lalàna nivoaka. Efa lany tamin'ny fivoriana ara-potoana farany tamin'ny taon-dasa ny tetibolam-panjakana ho amin'ity taona 2019 ity. Nisy anefa ny didy hitsivolana nanakambanana minisitera roa sasany ho iray, noho ny politikam-pitsisiana, hono. Efa samy nanana ny tetibolany anefa ireny minisitera ireny ka sahirana ny mpitantana izany minisitera izany amin'izao fotoana izao. Nivoaka ihany koa anefa ny didim-panjakana nanaisotra ireo mpiasam-panjakana ambony, talen'ny kabinetra, sekretera jeneraly, tale jeneraly, tale isam-paritra,… Mitarazoka anefa ny fanendrena ireo hisolo toerana, mihisatra ny raharaham-panjakana araka izay ary tsy mbola misy famoaham-bola any amin'ireny minisitera minisitera ireny ka na ny fitaovana enti-miasa toy ny taratasy aza tsy misy. Miteraka ahiahy eo amin'ireo mpiara miombonantoka ara-bola ny hampiasana ny vola nomeny satria tsy ireo nandrafitra ny tetibola no hitantana izany fa olon-kafa tsy mahalala izay fototra nandrafetana azy akory. Tsy fanta-pihaviana ihany koa ny tetibolam-panjakana saika nolaniana nandritra ny filankevitry ny minisitra ny alarobia lasa teo. Raha ny marina dia miainga avy any amin'ny minisitera voakasika ny tetibola ka ny minisitra voatendry sy ny ekipany ihany no mandrafitra azy. Toy ny mahazatra dia ny minisitra sy ny teknisiana ao amin'ny departemantany no miaro izany eo amin'ny parlemanta fa tsy ny minisitry ny vola sy ny tetibola kanefa tsy raikitra ny fandinihana izany tamin'ny alarobia satria tsy teo ity farany. Telo volana no lasa, tsy misy asa mandeha any anivon'ny minisitera, voafafa daholo iny mpiasam-pajakana notendren'ny fitondrana HVM kanefa tsy misy fanendrena izay ho solony avy amin'ny tompon'ny fahefana ankehitriny. Angamba mbola miandry ireo avara-pianarana Malagasy mila ravinahitra any ivelany hanolotànana sy hanompana ny fahalalany ho fampandrosoana araka ny antso nataon'ny filohan'ny Repoblika. Tsy hisy olona hanary ny asany any ivelany raha mbola fanendrena ara-politika no hifanarahana aminy satria tsy azo antoka ny fahamarinan-toerana amin'izany. Ny tambin-karama ho an'ny avara-pianarana eto an-toerana, eny amin'ny Anjerimanontolo, aza manahirana ny fanefana azy. Ka tsy hiandrasana an'i Paoly ny raharaham-pirenena fa mahaiza miaina amin'izay hananan'ny tena.

**Andry Tsiavalona**

FANADIOVANA NY TANÀNA (CUA)

## Mitohy foana ny fanadiovana na fety na tsy fety ny andro

Mitohy foana ny fanadiovana ny tanàna eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), na fety na tsy fety ny andro, ataon'ireo mpiasa misahana izany amin'ireo Boriboritany miisa 6 eto an-drenivohitra. Ho an'ny ao amin'ny Boriboritany faha-4 manokana, manatanteraka izay asa fanadiovana izay hatrany izy ireo, na somary nisy aza tao ho ao ny fivangongoana fako tamin'ny dabampako iombonana, toy ny teny amin'ny faritry ny Lakandranon'Andriantany iny, hoy ny delege Solofo Ramahandrimanana. Na izany aza amin'izao ankatoky ny fety izao, mitohy ny fanadiovana ataon'ireo mpiasa sy ireo RF2 eny antoerana, manatitra hatrany ny fako voaangona isam-pokontany mankeny amin'ireny daban-jaoridira iombonana ireny, antenaina hoy izy fa



*Ny tale jeneralin'ny Samva sy ny delegen'ny Boriboritany faha-4.*

aorian'ny fety dia hadio avokoa izy ireny. Mahakasika izay, somary nisy tokoa ny fivangongoan' ny fako amin'ny dabanjaoridira iombonana tamin'ny faritra sasany hoy ny tale jeneralin'ny SAMVA, ny jeneraly William Rakotoarivony, ny anton'izany dia ao aloha ny tsy fanajan'ny olona sasany ny fotoana fanariam-pako dia amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina. Afak' omaly koa vao azo niakaran'ny kamiao teny amin'ny La Haute Ville, na ny faritra ambony eto Antananarivo, noho ny fihotsahana vato teny amin'iny faritra iny tamin'ny taom-pahavaratra. Afak'omaly io arak' izany vao afaka naka ny fako niangona tamin'ny daban-jaoridira iombonana teny, hatrany Ambohipotsy ny kamiaon'ny SAMVA miisa 4. Noho izay antony izay anefa dia nisy faritra hafa teto Antananarivo tsy voaala ny fako, ka nahatonga ny fiandronana, hiverina amin'ny laoniny ny fakana fako amin'ny herinandro io hoy izy. Ny eny amin'ny Lakandranon' Andriantany koa, tsy afaka nandeha teny ny kamiaoben'ny SAMVA tamin'ny fotoam-pahavaratra teo satria sady malama no malemy ny morona, fa ao aorian'ny fety hoy izy antenaina fa tsy hisy intsony ny orana, ka tsy maintsy ho afaka koa ny fako amin' ny dabam-pako iombonana eny. Samy nanamafy kosa ny tale jeneralin'ny SAMVA sy ny delegen'ny Boriboritany faha-4, fa mba hahafahana manala ny fako amin'ny dabam-pako amin'ny alina dia tokony amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina ihany ny rehetra no manary ny fakony eny amin'ny daban-jaoridira.

**Isambilo**

NY TENY FIAINANA

**Matio 24:7**

*Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hitsangana hamely fanjakana; ary hisy mosary sy horohorontany amin'ny tany samy hafa.*

Antoko DHD Madagasikara

## Tokony hangarahara ny momba ny fanarenana ny Rova

Ny antoko DHD Madagasikara tarihan'i Harinaivo Rasamoelina dia manao fanambarana momba ny raharaham-pirenena amin'izao. Resaka madinika hamaritra toe-draharaha goavana, resaka fanarenana ny Rova ( Besakana ). Tsy ny tsara rehetra akory dia marina! Tsy ny tsara rehetra akory dia mety hoy ny fanambarana. Tsy ny tsara rehetra akory dia azo atao, toetra mahazatra ny mpitondra na filoham-pirenena aty afrika, ao anatin'izany i Madagasikara no mandray anjara avy hatrany amin'ny asa iray na maro amin'ny anaran'ny tenany manokana. tsy misy maha ratsy izany. Fanaon'ny mpitondra na ireo filoha ny mankalaza sy manely izany mba hahafantaran'ny olom-pirenena fa olona mpanavotra sy tia vahoaka izy. tsy misy maha-ratsy izany koa. Na izany aza, maniry sy mangataka ny antoko DHD Madagasikara mba hisy fifehezana mazava araka ny lalàna ny fanaovana ireny asa soa ireny. Hambaranay ary ireto manaraka ireto hoy ny avy amn'ity antoko ity:

1- ilaina ny hivoahan'ny fanapahankevitra ofisialy ataon'ny fitondrampanjakana fa hamboarina i Besakana.

2- avoakan'ny fitondrampanjakana amin'ny fomba ofisialy fa ireto ny antsipiarian'ny fanarenana ary ny vola takian'izany.

3- ambara araka ny lalàna fa ny filoham-pirenena no hiantoka io vola io ( araka ny nambarany ).

4- aseho amin'ny fomba ofisialy hoe voarotsaka ao amin'ny " tresor " (na toeran-kafa manokana ) izany vola izany.

5- hisy "appel d'offre " mazava sy ofisialy amin'ny fitadiavana ny entreprise hanao azy.

5- hampahafantarina mazava ny rafitra manatanteraka na manaramaso ny asa. Ambaran'ny antoko DHD Madagasikara fa fomba fiasa vaovao mifanaraka amin'ny tena fitantanana fanjakana sy fiarahamonina izany

ary fomba iray ialana amin'ny kitranoantràno sy ny fifangaroan'ny volampanjakana sy ny vola an'ny tena manokana. Betsaka ny olana efa nisy teto mitovitovy amin'izao ary hampilamintsaina ny fiarahamonina izay tompon'ny fiainany sy ny tantarany izany.

Ary tokony ho toetra sy fepetra raisina amin'ny sehatr'asa maro sy rehetra eto amin'ny firenena.

***Nangonin'Isambilo***

TONONKALO

## Fony nijoro ny trano fiangonana…

Fony nijoro ny trano fiangonana ,
Indrisy fa vitsy ireo mpiangona tazana !
Tsy maharototra ny fiombonana.
Rendrany ivelany no notopazana !

Fony nijoro ny trano fiangonana.
(Angaha ny mpitondra mba hita mankao !)
Toa tsy hita mazava izay fahavononana
Hidera ilay Tompon`izao rehetra izao !

Fa rehefa mirehitra , lasa lavenona,
Indreny vao hita ireo « olona mpanana »,
Mampiaka-peo sady be menomenona,
Hitondra izay mba voatsirambin`ny tanana.

Indreo ny rehetra , manao "tsy omby aloha",
Fa harena sy vakoka ,hono, no may.
Ary ireo manan-kaja sy iretsy filoha,
Toa nipoitra daholo f`izao no "andro iray".

Ny hiseho, ny ho hita no toa mahamaika.
(Ny ankoatran`ireo , ambinambiny ihany !)
Ny hiangona , hivavaka , tsy mampiraika.
…Rehefa voadona vao mila an`izany ?

*SEDERA RAVALISON (18-04-19)*

ZOMA CENTER ANALAKELY

## Nahitana fanitarana antsoina hoe "Smart Square"

Eo amin'ny tontolon'ny toe-karena dia maro ny Tranobe fivarotana eto amintsika izay manavao ny foto-dafitrasa misy ao aminy. Isan'izany ny « Zoma Center » Analakely, izay vao nahitana fanitarana sy fanatsarana miavaka antsoina hoe « Smart Square », nanomboka ny volana Martsa 2019 lasa teo. « Malalaka ny fifamoivoizana ato aminay amin'ny fisin'ireo fidirana 2 misy, izay miainga avy etsy ampitan'ny Epp Analakely ary mipoitra eny amin'ny « Avenue de l'Indépendance ». Izany rehetra izany dia natao mifanaraka haitrany amin'ny fenitra iraisam-pirenena nanamboarana azy. Ny sehatry ny elektronika, trano fisakafoanana sy ny hafa.... no hita ato. Hoan' ireo izay liana ny hanofa an'ireo tranoheva amanjatony ao amin'ity rihana voalohany ity sy ny hafa ato amin'ny « Zoma Center » dia etsy Soarano ao amin'ny Baolai ny fanampim-panazavana », hoy ny tompon'andraikitra. Miaraka amin'ireo 2 000 m² isaky ny ambaratongany sy ny rihana 3 hafa izay « en cours de construction » ao aminy dia manatsara ny endriky ny Renivohitr'i Madagasikara tokoa ity trano be fivarotana ity.



*Ny Smart Square ao amin'ny Zoma Center Analakely.*

***Aly***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny kandida TIM Fehizoro Andriamananjezika nanao fanadiovana faobe teny Anosivavaka.**







## Sakafo Ny Valosoa



**Krevety na patsabe saosy Malagasy indray no laoka, amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Amin'izao fety izao, mba miova kely indray, tsy vorona no hatao laoka fa krevety saosy io. Tsara raha hasiana ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.**

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ireo soa azo avy amin'ny goavy



Vokatra ny voankazo goavy amin'izao fotoana. Ireto avy ny soa azo avy aminy: miady amin'ny fiakaran'ny tosi-drà : manan-karena potassium ny goavy. Goavy salantsalany iray ohatra dia miantoka ny 20% amin'ny filan'ny vatana io mineraly io. Tahaka ny akondro dia tena voankazo ilain'ny manana tosi-drà ambony ny goavy satria mamono ny fiasan'ny sira ny potassium entiny. Toa izay koa ny fiasan'ny otrikaina C misy amin'ny fatra avo dia avo ao amin'ny goavy. Ny goavy iray dia manana fatra avo efatra heny noho ny otrikaina C hita ao amin'ny voasary. Noho io antony io koa dia mitsabo sy misoroka ny fivontosan'ny hihy ny goavy.

• Manampy ireo mampihena tena : Noho io otrikaina C betsaka ao amin'ny goavy io dia manampy ny vatana handevona ny tavy misosoka amin'ny hoditra izy. Noho ireo otrikaina hafa sy mineraly marobe misy ao aminy koa dia misoroka ny harerahana noho ny fifadian-kanina hafa izy. Izany hoe manentsina ireo tsy fahampiana ao amin'ny vatana. Ny tsiratsiraka entiny indray dia mameno ny vavony vetivety ka tsy hahatsiarovana noana matetika. Manampy anao tsy hihinana anelanelam-potoana izany ny goavy.

• Manatsara hoditra : manazava endrika, mampadinika maso-koditra, misoroka ny ketrona ary mampalefaka ny hodi-tava ny goavy.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'Andranomanelatra ao Antsirabe II faritra Vakinankaratra

Ny tanànan'Andranomanelatra ao Antsirabe II, faritra Vakinankaratra indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Mampiavaka azy dia kaominina ahitana orinasa mpanodina ny vokatry ny tantsaha, toy ny orinasa Tiko, ny Kobama. Vokatra any ny vary, ovy, mpiomby omby vavy be ronono koa ny any an-toerana. 17 km tsy hiditra an'Antsirabe no misy azy amin'ny lalam-pirenena faha-7 iny.



## Eksodosy 4: 16

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 129), Madagasikara 18 aprily 2019

***Eksodosy 4: 16 "Ary izy hiteny amin'ny olona hisolo anao; ka dia izy no ho solovavanao, ary hianao kosa ho solon'i JEHOVAH Andriamanitra aminy."***

Ry mpamaky, raha mazava aminareo tsara ny fanazavako sy ny fanambarako ary ny fampianarako dia ny mpisorona no mihazona ny lalàna hotandreman'ny olona amin'ireo didy sy fitsipika tokony arahina. Ny mpisorona dia olom-boafidiko JEHOVAH mba hanatanteraka ny asa fisoronana ao amin'ny Tempoly araka ny BAIKO izay omeko JEHOVAH amin'ny alalan'ny mpaminany. Ny fisoronana na ny anjara asan'ny mpisorona dia tsy azo ovana na oviana na oviana. Tandremana mafy ny fisoronana araka ny baiko satria fizakana heloka sy fanekena. Anisan'ny tena asan'ny mpisorona mitandrina ny baiko isaky ny antoko na sehatra misy fianakaviana, firazanana, firenena sns... raha tsy vita izany asa izany dia raisina ho diso ny mpisorona, tsy madio koa, ***Ezra 2: 62-63***. Hany ka soloina indray izy. I Arona sy ny zanany no voatendry hitondra ny fisoronana fa anjaran'izy ireo izany, ***Nomery 18: 1*** *"Ary hoy Jehovah tamin'i Arona: Hianao sy ny zanakao ary ny tarana-drainao no hitondra ny heloky ny fitoerana masina; ary hianao sy ny zanakao koa no hitondra ny heloky ny fisoronanareo."* Ny asa fisoronana dia asa masina sy madio hany ka maty raha mandika sy mametaveta izany satria fizakana heloky ny hafa. Tsy mandeha ho azy ny fisoronana fa olom-boafidy sy voahosotra ary voatokana ka raha ny hafa no misalovana izany dia maty tokoa indrindra moa raha manova izay andidiana azy, ***Nomery 3: 2-4*** *"Ny anaran'ny zanakalahin'i Arona dia Nadaba lahimatoa sy Abiho ary Eleazara sy Itamara. Ireo no anaran'ny zanakalahin'i Arona, dia ny mpisorona voahosotra, izay natokana hanao fisoronana. Fa maty teo anatrehan'i Jehovah Nadaba sy Abiho tamin'izy nanatitra afo tsy izy teo anatrehan'i Jehovah tany an-efitr'i Sinay, sady samy tsy nananjanaka izy mirahalahy; ary Eleazara sy Itamara no nanao fisoronana teo anatrehan'i Arona rainy."* I Mosesy dia mpaminany fa i Arona kosa dia mpisorona. Tsy misaraka ireo mpanompoko roa ireo eny fa na dia ankehitriny izao aza, ***Nomery 3: 5-10*** *"Ary Jehovah niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: Ento ny firenen'i Levy hanatona, ka ampitoero eo anatrehan'i Arona mpisorona mba hanompo azy. Dia hitandrina ny anjararaharahan'i Arona sy ny anjara raharahan'ny fiangonana rehetra eo anoloan'ny trano-lay fihaonana izy, ka hanao ny fanompoana ao amin'ny tabernakely. Dia hitandrina ny fanaka rehetra momba ny trano-lay fihaonana sy ny anjara-raharahan'ny Zanak'Isiraely izy ka hanao ny fanompoana ao amin'ny tabernakely. Ary homenao an'i Arona sy ny zanakalahy ny Levita; efa nomena azy mihitsy avy amin'ny Zanak'Isiraely ireo. Ary Arona sy ny zanakalahy hotendrenao hitandrina ny fisoronany; fa raha olon-kafa no manakaiky, dia hatao maty izy."* Ny mpanao ny asa fisoronana no atao hoe "MPISORONA". Tao amin'ny Testamenta Taloha dia tena hita tokoa izany fiaraha-miasa izany. Tao amin'ny Testamenta Taloha dia fampiharana ireo didy sy lalàna no misy ary dia nankato tokoa ny olona fa natahotra. Ny mpisorona dia manana izay mampiavaka azy, ***Eksodosy 29: 4-9*** *"Ary Arona sy ny zanany dia ento hankeo amin'ny varavaran'ny trano-lay fihaonana, ka ampandroy amin'ny rano izy. Ary alao ny fitafiana ka ampiakanjoy an'i Arona ny akanjo lava sy ny akanjo ivelany misy ny efoda ary ny efoda sy ny saron-tratra ary fehezo amin'ny fehin-kibo momba ny efoda izy; ary ny hamama dia ataovy eo amin'ny lohany, ary ny diadema masina dia ataovy eo amin'ny hamama. Ary alao ny diloilo fanosorana, ka aidino amin'ny lohany, dia manosora azy. Ary ny zanany dia ento koa, ka ampiakanjoy akanjo lava. Ary fehezo amin'ny fehin-kibo izy, dia Arona sy ny zanany, ary fehezo aminy ny satroka boribory; ary ho azy ny fisoronana ho lalàna mandrakizay. Dia toy izany no hanokananao an'i Arona sy ny zanany."* Mpisorona masina ho AHY JEHOVAH izy amin'izany. Ireo rehetra nanota ka nanao fahadisoana dia tsy maintsy manao fanatitra arak'izay mahadiso eo anatrehako JEHOVAH. Ohatra : Fanatitra dorana, ***Levitikosy 1: 1-3*** , Fanatitra hohanina, ***Levitikosy 2: 1-3*** Fanati-pihavanana, ***Levitikosy 3: 1-5***, Fanatitra nohon'ny ota, ***Levitikosy 4: 1-4***, Fanati-panonerana, ***Levitikosy 5: 14-16***. Azonareo vakiana ny Baiboly voasoratra ao amin'ny Levitikosy izay mamaritra tsara ny asan'ny mpisorona sy ny fisoronana. Nanomboka tsy zakan'ny olona na Fiangonana ny asan'ny mpisorona noho ireo didy sy lalàna ary fitsipika tsy maintsy arahina. Hitako JEHOVAH fa arakaraky ny fisian'ny lalàna no anotan'ny olona fa na dia ny mpisorona koa aza dia nanota, ***Malakia 2: 1-2*** *"Ary ankehitriny, ry mpisorona, dia ho aminareo izao didy izao: Raha tsy hihaino na handatsaka am-po ka hanome voninahitra ny anarako hianareo, hoy Jehovah, Tompon'ny maro, dia halefako hamely anareo ny ozona, ka hozoniko ny tso-drano ataonareo; eny, efa voaozoko sahady izany, satria tsy nandatsaka am-po hianareo."* Matetika izany noho ireo lalàna marobe nolavin'ny olona satria misy ireo izay sandoka, tsy avy AMIKO. Ny mpisorona avy AMIKO dia natao hahazaka izay nanendrena azy, ***Malakia 2: 7*** *"Fa ny molotry ny mpisorona tokony hitahiry fahalalana, ary ny lalàna hotadiavina eo am-bavany, satria irak'i Jehovah, Tompon'ny maro, izy."* Fa talohan'ny hahaterahan'i JAONA dia i Zakaria no mpisorona, ***Lioka 1: 5-12*** . Ny tiana ambara eto dia ny asa fisoronana nataon'i Zakaria. I Simeona koa dia mpisorona, ***Lioka 2: 25-28***, i Ana no mpaminanivavy niara-niasa taminy, ***Lioka 2: 36-38*** *"Ary nisy mpaminanivavy anankiray, dia Ana, zanakavavin'i Fanoela, avy tamin'ny firenen'i Asera; efa anti-panahy tokoa izy ary efa nitoetra tamin'ny vadiny fito taona taorian'ny naha-virjina azy, ary efa mpitondratena tokony ho efatra amby valo-polo taona; ary tsy niala teo an-kianjan'ny tempoly izy, fa nanompo tamin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana andro aman'alina. Ary nony niditra tamin'izany ora izany izy, dia nisaotra an'Andriamanitra ka nilaza Azy tamin'izay rehetra niandry ny fanavotana tao Jerosalema."*

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## FIARAHA-MIASA AMIN'NY ANY IVELANY

# Mifanakalo traikefa ny CUA sy ny UNICEF Comores

Nanatanteraka fitsidihana ny Sampan-draharaha misahana ny asa sosialy, na ny Direction des Affaires Sociales (DAS) ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny solontenan'ny UNICEF Comores, Andriamatoa Ismael Saadi sady "administrateur de programme" afak'omaly. Nandritra izany dia toerana telo no notsidihany: ny "Centre d'Acceuil d'Urgence" na CAU, toerana fandraisana vonjimaika ireo zaza iharan' ny herisetra, sy ny ivontoerana fandraisana ireo antso fitarainana, fantatra amin'ny laharana 147, samy eny Isotry ary ny "Centre Ilaiko" izay



*Ny fitsidihan'ny solontenan'ny Unicef Comores teto an-drenivohitra.*

ivon-toerana miandraikitra ny fiarovana ny maha olona eny Antetezana afovoany. Tanjon'ity fitsidihana ity ny fifampizarana traikefa eo amin'ireo zava-misy ara-tsosialy any amin'ny tany Comores sy ny eto Madagasikara.

***Helisoa***

## Boriboritany faha-5 (CUA)

# Manamboatra ny làlana simba nihotsaka eny Anjanahary II- S

Noho ny fiavian'ny orana nifanesy dia nihotsaka ny lalana teny Anjanahary II S, Boriboritany faha- 5, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nampilaza avy hatrany ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Direction des travaux Publics, na DTP, ny avy eo anivon'ny Boriboritany fahadimy. Nisy araka izany fametrahana takelaby mampitandrina ireo mpampiasa ny lalana ary koa fampilazana ireo mponina eny an-toerana mba hitandrina hisorohana ny mety hisian'ny loza. Efa manantanteraka ny fanarenana ny



*Ny fanamboaran-dalana eny Anjanahary II-S.*

lalana simba ankehitriny ny tompon'andraikitra. Ankehitriny dia efa andalam-pamaranana ny asa ny orinasa Colas. Mbola manentana hatrany ny mponina mifamezivezy eny amin'ity toerana ity araka izany ny fiadidina ny tanànan' Antananarivo hitandrina mba hialana amin'ny loza mety hitranga.

***Serge***

## DTP (CUA)

# Nanampina lalana misy lavadavaka teny Behoririka sy Andravoahangy

Mitohy hatrany ny asa fanamboaran-dalana izay tanterahan'ny Direction des travaux publiques na ny sampandraharah'ny asa vaventy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra( CUA) . Raha ny omaly dia teny amin'ny faritra ambanin'ny tetezana Behoririka, ka hatreny Andravoahangy no nanatanterahana ny asa izay miompana amin'ny fanampenana ireo lavadavaka izay tsikaritra fa miha-betsaka tokoa amin'iny faritra iny, ka mampitaraina ireo mpitatitra sy mpampiasa ny lalana, miteraka fitohanan' ny fifamoivoizana lavareny, indrindra mandritra ny firavan'ny mpianatra sy ny mpiasa (heure de pointe). Ny tanjona amin' ity asa fanapenan-dalana ity dia ny fanamaivanana ny fitohanan'ny fifamoivozana eto andrenivohitra. Manoloana izany anefa dia mitohy hatrany ny asa toy izao amin'ny faritra hafa manerana ny renivohitra Antananarivo.

***Aly***



*Ny fanampenana lalana ataon'ny CUA.*

BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)

# Mampiaina ny vahoaka anaty filaminana, mialoha, mandritra ary ao aorian'ny fetin'ny Paska

Rariny loatra raha miaina ao anaty filaminana ny vahoaka mialoha, mandritra ary aoriana ny fetin'ny Paska. Ny andron' ny omaly dia nanatanteraka fidinana ifotony teny amin'ny CENAM mihazo an'Ambodin'Isotry, Aigle noir, Coum, Mada Hotel, ireo ekipa teknika avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany sy ireo Polisy Nasionaly avy eo amin'ny 4ème sy ny 7ème arrondissement, mba hanokatra sy handamina ny lalana ho fisorohana ny fitohanan'ny fifamoivoizana. Amin'izao ankatoky ny fety izao mantsy dia hita tokoa fa miha-maro ireo mponina manodidina izay tonga hihazo ny Renivohitra, ankoatra izay ihany koa dia mitombo izay tsy izy ny isan'ireo mpivarotra amoron-dalana izay mameno ny lalam-bahoaka, ka izay indrindra no tena antony nanamafisan'ny avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany ny asa fanisahana sy fandaminana ireo mpivarotra izay marihana fa asa izay fanaon'izy ireo andavanandro ihany izy ity. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany dia misa 25 eo ireo ekipa avy eo anivon'ny Boriboritany izay tonga nanao ny asa teny an-toerana. Efa hita ihany koa hoy ity farany ny vokatry ny asa satria dia efa manomboka misavasava ny fitohanan'ny fifamoivoizana eny amin'ity toerana ity. Ireo ekipa dia mijanona eny an-toerana mba hitazonana ny filaminana. Rehefa vita ny fety dia mbola hitohy hatrany ny fandaminana sy fanadiovana ny tanàna.



*Ny fandaminana nataon'ny Boriboritany voalohany teny Isotry sy 67 ha, sy ny manodidina.*

**Aly**

Aretina hémophile

# Manodidina ny 45 000 eo ho eo no voany eto Madagasikara

Ny 2% ny olona manana toe-tena hémophile ihany no mbola voaaramaso eo amin'ny sehatry ny fitsaboana, ny ambiny kosa dia any anaty fiaraha-monina any. Ny fanentanana maro samihafa no ahafahana miantso azy ireny mba hivondrona ao anaty fikambanana. Zaza iray amin'ny 5000 teraka no hémophile . Antsirabe no nampiantrano ny andro manerantany ho an'ny Hémophilie ny andron'ny 17 aprily teo, tao amin'ny tranompokonolona Antsirabe. Saika tonga teto avokoa ireo mpikambana ao anatin'ny fikambanan'ny Hémophile manerana ny Nosy: Mahajanga, Toamasina, Antananarivo, Fianarantsoa ary ny eto an-toerana. Nandritra izao fanamarihana izao no nahafantarana fa ny "Hempophilie dia tsy fahatomombanan'ny kasinga rehetra mamoaka ny rà, tsy ampy ny singa mampivaingana ny rà ka lasa miteraka ny "janjara" na "jinjara" na fandehana'ny rà tsy miato , izay no ambara hoe Hémophilie ary Hemophile ny olona manana izany toe-batana izany. Ny taona 2010 no nanomboka nanamarika ny andro manerantany ho an'ny "Hemophilie" i Madagascar. Ny taona 2012 no nitsangana ny fikambanana, ary efa misy mpikambana 150 ankehitriny. Ny taona 2016 no tafiditra tao anatin'ny federasionina iraisam-pirenena ho an' ny Hemophilie i Madagascar. Misitraka fitsaboana sy fitiliana maimaimpoana ireo mpikambana araka ny nambaran'ny Filoham-boninahitry ny fikambanana Profesora Oliva Rakotoarison. Maro ny ezaka tokony ho atao handraisana ireo olona tsy ao anaty fikambanana ary raha toa ka misy any anaty fiaraha-monina any dia tsara raha manatona ny fikambanana. Apetraka eto Antsirabe ihany koa ny Antenne Hémophilie. Ny Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka Dr Andriananirina Jean Claude no tonga nanome voninahitra izao hetsika izao, niaraka tamin'ny tale mpiara-miasa aminy. Nandritra ny fandraisam-pitenenana nataony dia handray andraikitra amin'ny olona manana toe-tena hémophilie ny Ministera, ary hanao ezaka ny Ministera hampiditra ireo tsara ho fantatra rehetra mahakasika ny hémophilie ao anaty "guide Pack" ho an'ireo mpanentana arapahasalamana . Hetsika faha-efatra, nataon'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ho fanamarihana ny andro manerantany taty Vakinankaratra ity natao androany ity hoy ny préfet an'Antsirabe ary nisaotra ny fitondram-panjakana arak'izany izy tsy manadino ny faritra Vakinankaratra. Tonga nanome voninahitra izao lanonana izao sy ny Fianakaviamben'ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka ireo manampahefana avy eto antoerana notarihin'ny Préfet ary ireo manamboninahitra isan-tsokajiny avy. Ankoatran'ny lanonana fanokafana dia maro ireo hetsika natao tao amin'ny tranompokonolona nifandraika tamin'ny tontolon'ny "Hémophilie", nisy ny fijoroana vavolombelona ho an'ireo miaina miaraka amin'ny Hémophilie. Tamin'ny farany dia niaranipy ny "balôna mena" ny rehetra ho fiarahamientana amin'ny Hémophile eran-tany.

**Solohery**

## SARIITATRA : Tsy ho afaka io Zandrikely io




Tranga

# Vokatry ny fihinana sakafo tamin'ny mpanao lasopy, 25 ireo olona narary

Taorian'ny nisakafoanan'ity fianakaviana iray ity sy ireo olona sendra nisakafo tao amin'ny toera-pisakafoanana "Soupe Tamatave" ao Fort Dauphin, nivalana sady nandoha ary narary tsy nahatsiaro tena. Nentina tany amin'ny hopitaly Amboanato mba hotsaboina izy ireo. Raha nohadihadiana ny antony nahatonga izany dia vokatry ny fihinanana sakafo tamin ity toera-pisakafoanana iray ity. Nandray ny andraikiny ny tomponandraikitry ny varotra sy ny fanjifana ara-tsakafo nijery akaiky ny tranga. Nakatona vonjy maika tsy mahazo miasa ity Soupe Tamatave ity, mandritra ny fotoana tsy voafetra. Nalefa aty Antananarivo ao amin'ny Institut Pasteur hatao fitiliana ny sakafo nitera-doza. Marihina fa niaiky ny fisian'ny sakafo nisy poizina ity ny trano fisakafoana ity. Nisy no nalefa nody reheta nahazo fitsaboana! Ny sasany mbola ao amin'ny hopitaly manaraka fitsaboana. Marihina fa tsy nisy namoy ny ainy.

**Mangarahara**

Literatiora

# Hamafisina ny ezaka fampanatonana boky ny vahoaka

Ezaka lehibe no hotanterahin'ireo Tomponandraikitra sy mpisehatra amin'ny boky amin'ity taona ity amin'ny fampitiavana ny zaza, ny ankizy, ny zatovo sy tanora hamaky boky. Ny 23 Aprily izao, dia andro iraisam-pirenena ho an'ny boky sy ny zon'ny mpamorona. Manomboka amin'io andro io araka izany ny hetsika ataon'izy ireo ka tsy hifarana raha tsy amin'ny 11 Mey 2019. Hetsika amin'ny toerana maromaro no hanatanterahana azy, toy ny eny Tranombokim-pirenena Anosy, ny Cemdlac Analakely, ny zaridain'Antaninarenina, ary hatrany amin'ny faritany toy ny any Mahajanga. Hisy ny varavarana misokatra, fifanakalozan-kevitra hijerena ny olana sy ny hentina hanatsarana ny tontolon'ny boky eny amin'ny Tranomboky sy ny eny amin'ny Cemdlac. Hisongadina ihany koa ny Tsenam-boky izay hotanterahina eny amin'ny Esplanade Antaninarenina hanomboka ny Alatsinainy 29 Aprily ka hatramin'ny 04 Mey. Nitarina ho enina andro izany miditra amin'ity andiany faha-15 ity, satria tsapa fa tsy ampy ho an'ny mpisehatra sy ny mpamaky boky na ny mpitsidika ny andro efatra natao teo aloha. Hetsika iray ihany koa izy io natao hampiroboroboana ny boky sy ho fanomen-danja ny mpanoratra Malagasy. Ankoatra ny eto Antananarivo dia misy ihany koa ny hetsika lehibe izay hotanterahina any Mahajanga. Hisy ny Velatsehom-paritra ny Boky sy diabe mbamin'ny varotra fampirantiana. Ny 06 ka hatramin'ny 11 Mey no hanatanterahana ireo hetsika maro momba ny boky any an-toerana. Marihina, fa ataon'ny Ministeran'ny kolontsaina ho politika sy laharam-pahamehana manomboka izao ny boky sy vakiboky. Misy ny paik'ady maharitra amin'ny famerenana ny hasin'ny boky sy vakiteny, ny famerenana ny ankizy hamaky boky indrindra ny boky nosoratan'ny mpanoratra Malagasy. Aorian'izao hetsika lehibe maro momba ny boky izao dia hisy ny hetsika hiompana amin'ny hoe "Boky manatona vahoaka".

**Aris**



# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny Filoha Ravalomanana mitsidika ny any amin'ny faritr'i Boeny.















